Miara miasa ny fikambanana Robert MacGregor Teacher Training Programme (RMTTP) sy ny Money For Madagascar (MFM) hampivoatra ny fahaiza-manaon'ireo mpampianatra ao amin'ny Faritra Analamanga sy Itasy ary Vakinankaratra

Antananarivo, 16 Aprily 2023.

Miara-niasa ny fikambanana Robert MacGregor Teacher Training Programme (RMTTP) sy ny Money For Madagascar (MFM) mikarakara fanofanana mpampianatra mandritry ny herinandro manomboka ny 17 ka hatramin'ny 22 Aprily 2023, izay manana tanjona hampivoatra ny voka-pampianarana ao amin'ny faritra Analamanga, Itasy ary Vakinankaratra. Ilay fanofanana dia mahakasika lohahevitra maro samihafa hita fa hahatsara ny vokatra ho an'ireo mpianatra – anisan'izany ny Apprentisage Actif, Ny Matematika, Ny Fahasarotana Ara-pianarana, Ny Fampianarana sy ny Fiteny ary Ny Fianarana amin'ny halalan'ny Lalao.

"Nandeha an-tongotra adiny fito izaho sy ny mpiara-miasa amiko miisa enina vao tonga teo amin'ny toeram-piantsonana handraisana ny fiara handehanana hanatrika ity fiofanana ity. Toerana lavitr'Andriana no misy anay. Ary tsy dia mahazo fiofanana loatra na dia tena ilaina aza izany. Mpianatra 324 mantsy no eo ambany fitantananay fito mianadahy. Nankafiziko ny lohahevitra mahakasika ny Apprentissage Actif ary mientanentana aho hianatra momba

ny Fahasarotana Ara-pianarana", hoy i Mahefarimanitra NASANDRATRINIAINA, Talen-tsekoly ao amin'ny EPP Miandriandra.

"Milaza ireo mpampianatra fa nandray fomba fiasa vaovao izay azo ampiharina any an-dakilasy avy hatrany. Naharay paik'ady maro koa ireo mpampiofana avy ao amin'ny DREN sy

ny CISCO izay nanokatra ny mason'izy ireo hahita fomba vaovao hanofanana ireo mpampianatra," hoy i Nirina RAKOTOMALALA, solontenin'ny Money For Madagascar. Vondrona mpampiofana efa za-draharaha nandray fiofanana avy tamin'i Robert MacGregor no mampiofana. Nianatra tao amin'ny Université d'Edimbourg i Robert ary nampianatra tany Angletera nanomboka ny taona 2006. Nipetraka teto Madagasikara izy tamin'ny 2015-2018 nandrafitra boky fanofanana mpampianatra ary nampianatra tao amin'ny MercyShips sy ny British School of Antananarivo. Mipetraka any Angletera i Robert ankehitriny ary naka

ampaham-potoana nanofanana tamin’ny halalan’ny appel vidéo. Tonga teto Antananarivo avokoa ireo mpiofana rehetra ary nipetraka tao amin’ny FOFIKRI.
"Mientanentana izahay hiara-hiasa amin’ny Money For Madagasikara hanolotra fiofanana mpampianatra avo lenta izay hisy akony tsara amin’ny fanabeazana ao amin’ny Faritra Analamanga sy Itasy ary Vakinakaratra," Hoy Robert MacGregor Mpanorina ny RMTTP, "Mahasahana lohahevitra manan-danja maro ny fanofanana natambatray izay hanampy hampivoarana ny voka-pianarana ho an’ireo mpianatra".

RMTTP, izay fikambanana mitsangana ara-panjakana eto Madagasikara, dia fanta-daza amin’ny fanofanana mpampianatra ambaratonga fototra sy ambaratonga faharoa. Money For Madagascar kosa dia fikambanana Britanika manana ny maha-izy azy amin’ny fiarovana ny biby sy ny zava-maniry, ny fampianarana ary ny fampitaovana ireo vondron’olona ifotony.
Tsidio ny https://mada-enseignants.org raha te hahalala bebe kokoa momba ny Robert MacGregor Teacher Training Programme. Ahitana boky fanofanana mpampianatra maimaimpoana amin’ny teny Malagasy, Frantsay ary Anglisy ihany koa ao.
Tsidio kosa ny tranokala https://moneyformadagascar.org/ raha te hahazo fanazavana fanampiny momba ny Money For Madagascar.
I Tahiana (034 09 808 32) sy Josianne (034 061 5036) avy amin’ny RAMTTP no antsoina raha anontany momba ny fanofanana mpampianatra.

Fifandraisana amin’ny mpanao gazety
Danhy (RMTTP)
Téléphone: 034 38 031 50